# Ny ohatra nasehon'i Brigham Young

## Fifanakalozan-kevitra 1


### NY FANAMBY AMIN'NY FITENENANA AMPAHIBEMASO

Atombohy amin'ny fametrahana fanontaniana tahaka ireto manaraka ireto:

- Inona no zavatra tsapanao momba ny fandraisana fitenenana ampahibemaso? Nahoana?

Vakio na fintino ity manaraka ity:

Ny iray amin'ireo fanamby lehibe indrindra natrehan'i Brigham Young dia ny fitenenana ampahibemaso. Hoy izy: "Nahantra tamin'ny fitenenana aho mihoatra noho izay azo eritreretina" (*in Journal of Discourses*, 5:97). Tsaroany ny fotoana iray, herinandro taorian'ny batisany, izay niandrasany mpandahateny miisa 4 efa za-draharaha izay mpikamban'ny Fiangonana hitory teny, saingy tsy nanao izany izy ireo. Hoy izy:



Mbola zaza aho, raha ny amin'ny fitenenana ampahibemaso sy ny fahalalana araka izao tontolo izao; fa tao amiko ny Fanahin'ny Tompo, ary tsapako fa toy ny ho levona tao anatiko ny taolako raha tsy niteny tamin' ny vahoaka aho ka nilaza taminy izay efa hitako sy reko ary nianarako—izay efa niainako sy nifaliako; ary ny lahateny voalohany nataoko hatramin'izay dia nandaniako ny adiny iray mahery. Nosokafako ny vavako dia nofenoin'ny Tompo izany. (Brigham Young, ao amin'ny *Journal of Discourses*, 13:211)

- Inona no sarotra tamin'ny zavatra nataon'i Brigham Young?

Asao ny mpianatra hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100:5–6 (jereo ihany koa ny Eksodosy 4:12; Ohabolana 16:1). Manontania avy eo hoe:

- Inona no ifandraisan'ny zavatra niainan'i Brigham Young amin'ireo andininy ireo?
- Inona no ianaranao momba ny Tompo izay afaka manampy anao?

Zarao ny fahatsapanao momba ny fatokisana ny Tompo sy ny fahavononana hizara ny zavatra fantatrao.

## Fifanakalozan-kevitra 2

### NY FAHAFOIZAN-TENA NANANAN'I BRIGHAM MBA HANOMPOANA


Atombohy amin'ny fametrahana fanontaniana toy ireto manaraka ireto:

- Inona no fahafoizan-tena ilaina mba hanaovana asa fitoriana?

Vakio na fintino ity manaraka ity:

Tamin'io taona nanaovana batisa an'i Brigham Young io ihany no nahafatesan'ny vadiny. Tamin'ny fahafoizan-tena lehibe no nitadiavany olona hikarakara ireo zanany roa ary nanaovany asa fitoriana tany New York sy tany amin'ny tapany avaratra indrindra tao Canada, izay nanaovany batisa olona maro.

Rehefa avy nanao asa fitoriana nandritra ny herintaona teo ho eo i Brigham dia nitantara ny fahatongavany tao Kirtland, Ohio:



Raha nisy mahantra noho izaho tamin'ireo olona nivory niaraka tamin'ny Olomasina—dia satria tsy nanana na inona na inona izy izay. . . . Nanana zanaka roa nokarakaraina aho. . . . Mananon-tena aho. . . . Tsy nanana kiraro aho, afa-tsy baoty nindramina. Tsy nanana akanjo fanao amin'ny ririnina aho, afa-tsy palitao nozairina tao an-trano efa telo na efa-taona izay no nananako azy. . . . Nandeha sy nitory aho ary nahafoy ny dolara rehetra nananako. (*Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* [1997], 243)

Manasà mpianatra iray hamaky ny Lioka 18:18–23, ary hitady ny maha-samihafa ny fihetsika nasetrin'i Brigham Young tamin'ilay fanasana azy hanompo sy ny an'ilay lehilahy nifanerasera tamin'ny Mpamonjy ao amin'io tantara io.

- Inona no fantatrao momba ny Tompo izay mety hanampy antsika ho vonona hanao fahafoizan-tena tahaka ny nataon'i Brigham Young?
- Ankoatra ny fanaovana asa fitoriana, dia inona avy ireo fomba hafa mety ho tian'ny Tompo hanaovantsika sorona mba hanompoana Azy?

Zarao ny zavatra tsapanao momba ny fahavononana hanao sorona hanompoana ny Tompo.

## Fifanakalozan-kevitra 3
### MISIÔNAN'I BRIGHAM TANY ANGLETERA


Atombohy amin'ny fametrahana fanontaniana toy ireto manaraka ireto:

- Inona avy ireo antony sasany ilan'ny misiônera iray ny fanampian'ny Tompo?

Vakio na fintino ity manaraka ity:

Rehefa avy nanambady indray sy nanao asa fitoriana dimy hafa i Brigham, dia nantsoina hanao asa fitoriana tany Angletera niaraka tamin'ny Apôstôly hafa.

Nitantara ny asa nanirahana azy i Brigham:



Tonga izahay . . . toy ny vahiny tany amin'ny tany hafahafa ary tsy nanana vola intsony, kanefa noho ny famindram-pon' Andriamanitra dia nahazo namana maro izahay, nanorina Fiangonana saika tany amin'ireo tanàna sy tanàna malaza rehetra tao amin'ny fanjakan'i Grande-Bretagne, nanao batisa olona teo anelanelan'ny fito ka hatramin'ny valo arivo, nanonta pirinty Bokin'i Môrmôna miisa 5000, . . . ary nandao ny toerana efa avy namafy tao am-pon'ny olona an'arivony maro ny voan'ny fahamarinana mandrakizay . . .: ekeko ny fiasan'ny tanan' Andriamanitra tao anatin'ireo zavatra rehetra ireo. (*Enseignements des présidents de l'Eglise: Brigham Young* [1997], 6)

Asao ny mpianatra iray hamaky ny tenin'i Amôna ao amin'ny Almà 26:12–13. Manontania avy eo hoe:

- Inona no mampitovy ny teny nambaran'i Brigham Young amin'ny an'i Amôna?
- Nahoana araka ny eritreritrao no tena ilaina ny miantehitra amin'ny Tompo rehefa miezaka manompo Azy?
- Ahoana no nanandramanao niantehitra amin'ny Tompo rehefa manompo Azy ianao?

Zarao ny eritreritrao na ny fahatsapanao momba ny fianteherana amin'ny Tompo rehefa manompo Azy ianao.



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_441-1